TFNAC: Task Force Nationale de l'Agriculture de Conservation

GSDM Professionnels de l'Agroécologies

Organisation des Nations Unies pour l'alimentation et l'agriculture



VOLY RAKOTRA

## Afovoan-tany sy Afovoany Andrefana

# Fifandimbiasam-boly vary an-tanety sy crotalaire



Ity torolalana ara-teknika ity dia nalaina avy amin'ny torolalana novokarin'ny GSDM, novatsian'ny AFD/MPAE ara-bola, nohamafisina tamin'ny traikefa sy ireo torolalana avy amin'ny BVPI SE/HP sy SDMad, ary nohatsarain'ny TFNAC/FAO avy amin'ny alalan'ny famatsian'ny USAID tamin'ny fijerena manokana ny lafin'ny fiovan'ny toetrandro, ny fanjariantsakafo sy ny miralenta.
Ity torolalana ity dia mikendry manokana ny faritra Afovoan-tany sy Afovoany Andrefana eto Madagasikara ary notsoahina avy amin'ny traikefa hita sy azo tamin'iny faritra Vakinankaratra sy Amoron'i Mania.

**Zava-misy amin'ny ankapobeny**

- Mizaka ny vokatry ny fiovan'ny toetrandro.
- Mihasimba hatrany ary haingana ny tontolo iainana.
- Mihamarefo ny mpamboly madinika eo amin'ny lafiny tsy fanjariantsakafo.











**Tanjon'ny toro-lalana ara-teknika:**

- Hanohanana ny fiatrehana ny fiovan'ny toetrandro
- Hitondra azota ho an'ny vary
- Hiarovana ny tany tsy ho kaohan'ny riaka
- Hanatsarana ny fahampiana ara-tsakafo amin'ny fampitomboana ny voka-bary

**Tsy mamaly intsony ireo zava-misy ireo ny fomba fambolena mahazatra amin'izao fotoana. Hita ohatra izany amin'ny fambolena vary an-tanety.**



**Fomba mahazatra :** miasa tany, miandry orana vao mamboly, mamerimberina ny voly vary amin'ny toerana iray, zara raha mampiasa zezika,

**Olana :** kaohan'ny riaka ny nofontany, mihena ny tsiron'ny tany, mirongatra ny ahidratsy (striga), mihakatra be ny asa amin'ny fikarakarana ny voly

**Vahaolana :** mandrakotra ny tany, mifehy ny ahidratsy, manatsara ny tsiron'ny tany, mampitombo ny rakotra amin'ny alalan'ny **fampivadiana sy fifandimbiasana VARY sy CROTALAIRE**



# Fampivadiana ny voly vary sy crotalaire

**Karazan-tany :** Fidio ny tany tsara rafitra mety ho an'ny vary (tsy misy andrin-tany, tsy mifatratra, tsy miangon-drano, tsy be striga)

**Vary an-tanety nohatsaraina :**
Afovoany andrefana : Nerica (4, 9, 11), Sebota (403, 406, 410), B22, Primavera
Afovoan-tany : Chommrong dhan (tsipolitra)…FOFIFA 172, FOFIFA 173

sy

Afovoany andrefana : *Crotalaria retusa*
Afovoan-tany : *Crotalaria grahamiana*
hita sy betsaka eny an-toerana

## Ny atao

Volena mialoha araka izay azo atao ny vary, farafahatarany 15 desambra

### Fatra isaky ny 10 ara (indray manaraina)

Vary 5 – 7 kg : iray tsongo, masomboly 5 – 7 isan-davaka, 2 – 3 sm ny halaliny

Crotalaire 1 kg : masomboly 2 isan-davaka 2 – 3 sm ny halaliny

### Fandonahana 10 ara (indray manaraina)

Fitondrana zezika isan-davakin'ny vary :

- eo ampambolena : zezi-pahitra na komposta 500 kg, sy NPK (11.22.16) 8 - 15 kg
- 25 andro ao aorinan'ny fambolena : urée 5 - 8 kg

## Fitandremana sy fetra

Volena iray volana aorian'ny fambolena vary ny crotalaire (amin'ny fotoam-piavana), roa volana rehefa tena lonaka ny tany

Ilaina ny fiarovana ny masomboly vary amin'ny bibikely sy aretina (ohatra insector 4 g na gaucho 2,5 g, isaky ny vary 1 kg)

Tsara ny mampiasa zezi-pahitra na komposta, ampiana zezika simika miankina amin'ny fahafahana

Fafazana fanafody ny crotalaire alohan'ny fotoana famelanany raha tiana ny hahazo voa, toy ny cypermethrine (25 ml/10 ara)

**Fiotazana**

Jinjaina, tsara kokoa raha averina eo an-tanimboly ny mololo

Otazana ny voan'ny crotalaire rehefa matoy, atao masomboly

## Fifehezana ny Crotalaire sy fanomanana ny tany ho an'ny voly manaraka

Ny sisam-bokatry ny crotalaire dia manify sy mora lo, ka mety hirongatra ny ahidratsy izay tsy maintsy fehezina. Misy fomba telo azo ampiharina :

1. mampiasa fanafody famonoana ahitra
2. hajanona ho tapoka taona iray ny crotalaire mba ahazo rakotra bebe kokoa


Tombohana amin'ny fotony ny crotalaire alohan'ny fambolena ny voly fihinana
Volena anaty rakotra crotalaire ny voly manaraka : vary sy crotalaire na voly hafa

3. raha tsy afaka mampiasa fanafody famonoana ahitra na mamela ho tapoka ny tanimboly dia azo atao lafi-boly ihany ny crotalaire


# Diarim-pambolena



**Elanelan'ny voly**




| Volana | Asa |
|---|---|
| Oktobra | Mamboly vary<br>Mitsiry ny vary |
| Novambra | |
| Desambra | Mamboly crotalaire afaka iray volana |
| Janoary | |
| Februaary | Miara maniry ny vary sy ny crotalaire |
| Martsa | |
| Aprily | |
| May | Avela haniry ny crotalaire rehefa avy notazana ny vary |
| Jona | |
| Jolay | |
| | |
| Septambra | Vonoina ny crotalaire hanomanana ny fambolena manaraka |
| Oktobra | |



Miverina isan-taona ny diary (na misy tapoka crotalaire herin-taona aza)

# Ny tombontsoa mety ho azo



- **Mitombo ny vokatra**
- **Mamokatra rakotra crotalaire, izay afaka maniry mandritra ny maintany.**
- **Mitahiry ny rakotra eny an-tanimboly.**
- Miaro sy manatsara ny nofontany.
- Mitondra azota ho an'ny vary.
- Mihena ny asa atao (fiasana tany, fiavàna,...).
- Mitombo ny velaran-tany azo volena vary an-tanety.



- Manatsara maharitra ny tsiron'ny tany.
- Mampitombo maharitra ny taham-pahombiazana ho an'ny katsaka sy an-tanety.
- Mampiakatra ny fahampiana ara-tsakafo ho an'ny mpamboly madinika.





- Mampitombo ny fahampiana ara-tsakafon'ny faritra afovoany andrefana na koa ho an'i Madagasikara.
- Manampy amin'ny famahana ireo olana izay mampihena ny famokarana, indrindra ny fambolem-bary amin'ny faritra midadasika.

- Mampihena ny asa tany izay mavesatra tokoa ho an'ny asa eo an-tokan-trano indrindra ho an'ny lehilahy.
- Mampihena ny fiavàna ho an'ny vehivavy manokana (raha voafehy tsara ny teknika).
- Mampitombo ny fahafahana manao zavatra hafa hampitombo ny vokatra





Partenaires techniques : SDmad Semis Direct de Madagascar; BVPI Projet BVPI SE/HP

Partenaires financiers : AFD; USAID FROM THE AMERICAN PEOPLE